




ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOUBLIKAN'I MADAGASKARA
Fitiavana - Tanindriazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-180

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA FANINDROANY MOMBA NY VOLAVOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-018/2021 TAMIN'NY 27 OKTOBRA 2021, MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY TETIBOLAM-PANJAKANA, TAONA 2022

Fivoriana faha-22
Natao ny
Alatsinainy 13 Desambra 2021
- hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA:- Ramatoa ANGELE Solange
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alatsinainy 13 Desambra 2021 tamin'ny 5 ora, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany momba ny volavolavolan-dalàna laharana faha-018/2021 tamin'ny 27 Oktobra 2021, momba ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana, taona 2022.

Nitohy ny Alatsinainy 13 Desambra 2021 tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa HENRY Jean Michel no natanteraka izany.

Nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny fanatontosana izany, Ramatoa Filoha, taorian'izay. Nampahatsiahы ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ihany koa ny tenany rehefa izany.

Rehefa izany, niangaviany ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Tetibola sy Fitantanam-bola, mba hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narison no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alatsinainy faha-13 Desambra 2021 tamin'ny 1 ora, atoandro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nandinika fanindroany ny Volavololan-dalàna laharana faha-018/2021 tamin'ny 27 Oktobra 2021 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2022.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
3. RAFIDIMANANA Narson
4. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
5. HENRI Jean Michel
6. RAVONTY Tam Téon Luc
7. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
8. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
9. RIVOTIANA Jean Bosco
10. VONINAHITSY Jean Eugène
11. RAMBOASALAMA Emilien
12. FIENENA Richard

Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana tonga nivory:

- Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina

Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nivory:

- Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory:

- Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1 RAMANAMPANOHARANA Andry	SG/MEF
2 RAJAOFETRA Andry	DGT/MEF
3 GERMAIN	DGI/MEF
4 RANDIMBIARISOA Oliva	DGFAG/MEF
5 LAINKANA Zafivanona	DGD/MEF
6 RAKOTO Dimby	DEME/DGEP
7 ANDRIANADY Josué	DGEP/SEE
8 RAJAONARISON Njakanasandrata	DGEP/SME
9 RANDRIANIRINA Hanitra	DE/DGT
10 RANDRIAMAROLAFY Odile	SE/DE/DGT
11 ANDRIANANTAINARINORO Oëly	SE/DE/DGT
12 RAKOTOBÉ Andry Lalaina	DGT/OPP/STDL
13 FIARANANIRINA Maximilienne	DGFAG/DB/SSB
14 RASENDRA Jo A.	DGFAG/DB/SSB
15 RANAIVOSON Andotiana Hanitra	DGFAG/DB/SSB

16 RAOELINA Andrianina Soafara	DGFAG/DB/SSPI
17 RAKOTOMANGA T. Marina C.	DGFAG/DB/SSB
18 RANAIVOZANANY Jerry	DGFAG/DB/SSB
19 RAJONSON Finaritra	DGFAG/DB
20 RAHELIARISOA Lantoniaina	DGFAG/DB/SSB

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nilaza avy hatrany, fa izao fandinhana fanindroany izao dia miompana amin'ny fanitsiana nataon'ny Antenimierandomoholona teo amin'ny andininy faha-6 tao amin'ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 tamin'ny 27 Oktobra 2021 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolampanjakana ho amin'ny taona 2022, ka niteraka fanovàna ihany koa tao amin'ny filazana ny antonantony sy ao amin'ny andininy faha-15.

Taorian'izay, nomeny ny teknisiana ny fitenenana hanomezany fanazavana mikasika ny fanovàna ao amin'io andininy faha-6 io.

Nambaran'ny teknisiana, fa ny fanovàna nentina tao amin'ny andininy faha-6 dia niompana tamin'ny fanesorana vola mitentina 200 Miliara Ariary izay natokana hanaovana “garantie à l'importation des produits PPN” izay misoratra ao amin'ny “transfert”-n’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ka nalefa an’ny amin’ny “biens et services”-n’ny “Budget de fonctionnement”-n’io Minisitera io ihany. Nahitana fiovàna araka izany ny totalin’ny vola ao amin’ny «pouvoir publics et Ministères» sy ao amin’ny «Opérations d’ordre». Ny fanovàna natao dia tsy mampiova ny «équilibre général du projet de loi de finances pour 2022».

Raha tsiahivina, tato amin'ny asam-baomieran'ny Antenimierampirenena no nanafoana io “garantie à l'importation des produits PPN” io voalohany saingy notsipahan'ny favoriambe izany. Tany amin'ny Antenimierandomoholona koa dia nofoanana ihany ny «garantie» saingy nafindra any amin'ny «opération d'ordre» izany mba hitazonana ny «équilibre général». Any amin'ny «opération d'ordre» no nasiana azy satria vola tsy voatery havoaka izany, fa antoka omanin'ny Fanjakana fotsiny raha misy ny tampoka arak'izay voafaritry ny «principe de prudence».

Manoloana ny fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka momba ny «Loi de Règlement» dia tsy maintsy voafaritry mazava any amin'ny «Loi de Règlement» ho avy ny tranga nampiasana io vola io.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandaniana ny fanovàna natolotry ny Antenimierandomoholona ny mpivory:

- Filazana ny antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-6: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-15: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Araka izany, nolianan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tamin'ny endrinhy tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanovàna nentin'ny Antenimierandomoholona mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2022 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 3 ora sy sasany, tolak'andro, ny fivoriana rehefaavy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefaavy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiana ny tatitra, Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Fanontaniana no napetraky ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore, noho ny hamehana ve no nahatonga ny anaran'ny Solombavambahoaka sasany tsy tafiditra tao anaty tatitra sa antony hafa.

Mikasika ny PPN, izay misoritra ve no marina sa izay misoratra. Raha vakiana ny teny amin'ireo andalana ireo dia izay misoratra no tokony ho izy.

Tsy voasoratra ao anaty tatitra ny teny hoe: tsy manova ny "équilibre budgétaire" ny fanafoanana io vola io, ka tokony hosoratana ao ihany koa.

Ao amin'ny pejy voalohany, fangatahana mikasika ny «paragraphe 4», fanovàna manokana mikasika ny «garantie à l'exportation» no hita ao, fa tsy «à l'importation». Izany hoe, «garantie à l'importation» no izy.

Taorian'izay, raha nandray fitenenana, Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nambarany fa tsipelin-teny no ahitana fahadisoana kanefa tsy manova ny hevity ny tatitra izany.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-137 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia milaza fa amin'ny fandaliana fanindroany ny volavolan-dalàna, izay nahitana tsy fitovian-kevitra teo amin'ny Antenimiera roa tonta no iompanan'ny adihevitra. Izay no harahina amin'izao fandinhana ny volavolan-dalàna izao.

Rehefa izany, niangavy an-dRamatoa Minisitra, mba hitondra fanampim-panazavana mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021, Ramatoa Filoha.

Nambaran-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa tsy manova ny fitambarany amin'ny ankapoben'ny Tetibolam-panjakana ny fanovàna nataon'ny Antenimierandomoholona. Mitovy amin'ny fitambarana izay efa nolaniana teto amin'ny Antenimierampirenena ihany izany.

Nambarany koa fa "rubrique" no miova mikasika ny "garantie à l'importation", kanefa rehefa misy fiovàna tahaka izay dia misy pejy marobe koa miova manaraka azy. Raha ambony ny "risque" apetraky ny fanjakana ao amin'ny "rubrique" dia afindra any amin'ny "transfert" io "garantie" io. Raha "modéré" kosa ny "risque de garantie" dia afindra any amin'ny "opération d'ordre" ny toerana fa tsy any amin'ny "transfert" intsony.

Ny adihevitra nisy, tsy "modéré" ny "risque" nampiasan'ny fanjakana ny «garantie» satria zavatra tena ilaintsika andavan'andro ny PPN. Izay no nitarika ny fanovàna tamin'ireo pejy marobe ireo.

Taorian'izany, nisaotra an-dRamatoa Minisitra, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanazavana nentiny ary nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra miompana amin'ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona ny mpivory.

Filazana ny antonantony, pejy faha-2, faha-3 ary ny pejy faha-12: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny filazana ny antonantony.

Andininy faha-6: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-6.

Andininy faha-15: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-15.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ireo andininy tsy nitoviana hevitra tamin'ny Antenimierandoholona.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dramatoa Filoha, fa lany ireo andininy tsy nitoviana hevitra tamin'ny Antenimierandoholona momba ny volavolavolan-dalàna laharana faha-018/2021 tamin'ny 27 Oktobra 2021, momba ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana, taona 2022.

Taorian'izay, nomena fitenenana Ramatoa Minisitra, ka fisaorana ny Solombavambahoaka no nataony noho ny fandaniana ny fanindroany ny Tetibolam-panjakana, taona 2022.

Fisaorana koa no navalin-dRamatoa Filoha, izany sady nirary soa ho azy sy ny mpiara-dia aminy izy.

Nambaran-dRamatoa Filoha, taorian'izay, fa tsy mbola tonga ny "décret de transmission" avy tamin'Andriamatoa Praiminisitra momba ireo volavolan-dalàna roa efa nampidirina ao anaty fandaharam-potoana, ka aleo afindra amin'ny fotoana manaraka izy ireo.

Taorian'izay, nampahatsiahny ny lahadinika manaraka, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe handinhana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehikevitra laharana faha-008-2021/PR hanokafana fanadihadiana momba ny fiakaran'ny vidin'ny PPN sy ny akora fanamboarana trano any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana, atolotry ny Solombavahoaka IDEALSON, voafidy tany Ampanihy sy ny namany.

Niato tamin'ny 5 ora sy 20 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

